



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 18 – 24 MARS 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

MATOAM-BAOVAO

FITSIDIHAN'NY SEKRETERA JENERALIN'NY VONDRON'NY FIRENENA MITENY AMIN'NY AMPAHANY NA MANONTOLO NY TENY FRANTSAY

Nanamarika iny herinandro nodiavitsika iny ny manodidina ny fifandraisan'i Madagasikara amin'ny any ivelany, ka nisongadina indrindra tamin'izany ny fandalovan-dRamatoa Michaëlle Jean, Sekretera Jeneralin'ny Vondron'ny Firenena miteny amin'ny Ampahany na manontolo ny teny frantsay (OIF) eto Madagasikara. Ny fijerena ifotony ny firosoan'ny fanomanana ny fihaonana an-tampon'ny OIF no tena foto-diany, saingy manararaotra ihany koa izy mihaona amin'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny eto amin'ny firenena mba hanamafisana ny fifandraisan'i Madagasikara amin'ny vondrona OIF sy ny mpiara-mikambana ao. Fenô dia fenô tokoa ny fandaharam-potoanany tamin'ny andro voalohany sy faharoa. Ankoatra ny fihaonany tamin'ny Filohampirenena, dia nihaona tamin'ny minisitry ny Raharaham-bahiny, nitokana ny birao vaovaon'ny OIF etsy Ambohitsirohitra, nanokatra ny varotra fampiratiana "Zoma de la Francophonie" ihany koa izy, ary ny zoma teo dia nihaona tamin'ny mpanao gazety, ny solotenan'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga faharoa ary nitokana ny trano famakiam-boky tetsy amin'ny CEMDLAC tetsy Analakely.

*Samy nanana ny fomba nandraisany sy nandikany ity fandalovan-dRamatoa Michaëlle Jean eto Madagasikara ity ny mpikirakira vaovao. Raha ho an'ireo mpihaino ny **RADIO ANTSIVA** dia tokony ajanona mihitsy aloha ny firesahana ny fihaonana an-tampon'ny OIF, fa ny fanamarihana ny fahatsiarovana ny 29 marsa 1947 no tena tokona himasoana. Maro ireo tanora ankehitriny no tsy mahalala akory ny tantaran'ny tolom-panafahana, hoy izy ireo ka tokony ampafantarina izany. "Tokony ho velomina indray ny afon'ny fitiavan-tanindrazana, ary aoka tsy hinohino intsony izay lazain'ny Vondrona iraisam-pirenena." hoy ny mpihaino iray. Ny iray hafa kosa nanentana ny fanatongavan'ny be sy ny maro amin'ny fahatsiarovana ny 29 marsa hitakiana ny famerenan'ny Frantsa ireo nosy Eparses amin'ny Malagasy, "Avereno ny nosinay vao miresaka fihaonana an-tampon'ny OIF isika !" hoy izy hentitra. Raha ny voalazan'ny **RADIO ANTSIVA** kosa dia nangataka Ramatoa Michaëlle Jean mba hatsahatra ny fanakianana be fahatany ny Vondron'ny Firenena miteny amin'ny Ampahany na manontolo ny teny frantsay. Raha ny fanombanan'ity onja-peo ity dia zavadehibe amin'ny fitondrana ny fanatrehan'ny Filoha frantsay ny fihaonan'ny OIF, satria dia ny minisitry ny Raharaham-bahiny Malagasy mihitsy moa no nandeha tany Frantsa nanasa azy. Nisafidy*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



ny hanontany ny hevitr'ireo olom-pirenena tsotra kosa ny **FREE FM** manoloana ny fitsidian'ity Sekretera jeneralin'ny OIF ity. Tsy tokony ho vaindohan-draharaha ny fandraisana ny fihaonana hoy ireo izay nanontaniana fa ny mpitondra no miady mafy ny hanaovana izany eto. Mikasika ny tsaho mandeha ny amin'ny mety hisiana asa fampihorohoroana dia nanambara Ramatoa Michaëlle Jean fa tsy mampihemotra ny fanomanana izany, sady ny Vondrona rahateo miady mafy amin'izany. Niresaka betsaka ny andro voalohany nahatongavan'ity solotenan'ny OIF ity ihany koa ny **MA-TV**. Avy eo dia nanasa an'Andrimatoa James Ratsima tao amin'ny fandaharana "Resabe". Nanambara ny heviny mikasika ny fitsidian'ily "Haitienne kely" izy, izay porofo hoy izy fa mbola vonona hatrany hanamafy ny fanjakazakany eto Madagasikara i Frantsa. Nokianiny mafy ihany koa ny faneken'ny mpitondra ankehitriny an'izany fanjakazakana izany. Ny fanokanana ny biraon'ny OIF kosa no nasian'ny **TV PLUS** tsindrim-peo manokana. Tamin'izany no nanambaran'ny Filohampirenena fa tena hisy io fihaonana an-tampony io ary ho vonona ara-potoana avokoa ny fotodrafitr'asa fandraisana izany. Hanome ainga vao indray ny toe-karena Malagasy ny fandraisana io fihaonana io, raha ny tomban'ireo mpanentana ny fandaharana "Ady Gasy" tao amin'ny **TVM**. Nanohina ny maro tokoa ny kabarin-dRamatoa Sekretera Jeneralin'ny OIF nandritra ny fanokanana ny biraon'ny OIF hoy ihany izy ireo nanohy, ary talanjona ny mpanatrika naheno azy nampiasa voambolana malagasy vitsivitsy sahady.

DINGAN'NY FIFIDIANANA

FANOMANANA NY FIFIDIANANA AMIN'NY 2018

Nandray ny solotenan'ny Rantsana Manohana ny Fifidianana avy ao amin'ny Sampandraharaha misahana ny lafiny politika ao amin'ny Firenena Mikambana sy ny Fandaharan'asampampandrosoan'ny Firenena Mikambana ny lehiben'ny governemanta. Ny fanjakana malagasy mihitsy no nangataka ny fahatongavan'ireto delegasiona ireto mba hamantatra ireo sehatra sy fomba hanampian'ny Firenena Mikambana an'i Madagasikara ao anatin'ny tetikasa PACEM (Tetikasa Manohana ny Dingan'ny Fifidianana eto Madagasikara) vaovao. Hihaona amin'ny Filohampirenena, ireo filohana andrim-panjakana, ny firaisa-monim-pirenena ary ireo mpanao politika ry zareo amin'izao diany izao. Raha nanontaniana mikasika ny mety ho filatsahany hofidiana filoham-pirenena moa ny Praiministra, dia nilaza mazava fa tsy manana eritreritra ny amin'izany izy.

Nahazo vahana kokoa ny lafiny maha fanjakana tao amin'ny **TVM**, satria tamin'izany no nanambaran'ny Praiministra Jean Ravelonarivo fa nangataka ny traikefan'ireto matianina ireto ny governemanta mba hisian'ny fifidianana mangarahara, tsy misy korontana ary mifanaraka amin'ny lalàm-panorenana. Nanamarika manokana an'ny **RADIO ANTSIVA** kosa ny fahatezeran'ny Praiministra, raha nanontaniana ny mpanao gazety ny amin'ny mety hilatsahany hofidiana filoham-pirenena.

Hafa kosa ny fahitan'ny **KOLO TV** ny toe-draharaha. Mety ho raikitra alohan'ny 2018 manko ny fifidianana ho filoham-pirenena, hoy izy. Betsaka loatra mantsy ireo kiana sy fitarainana re, anisan'izany ny an'Andriamatoa Hajo Andrianainarivelo, filoha mpanorina ny antoko Malagasy Miara-Miainga (MMM) sy ny an'ny loholona voafidy tamin'ny lokon'ny antoko Miaraka Amin'ny Prezidà Andry Rajoelina (MAPAR) voafidy tao Mahajanga. Nilaza toy izany ihany koa Ramatoa

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Lalâtiana Rakotondrazafy, filohan'ny antoko Freedom. Ary angamba mba ho fanairana ny Filoham-pirenena, fa naka ohatra ny nataon'ny filoha atsy Seychelles izy, izay nanambara teo anoloan'ny Firenena Mikambana fa haroso mialoha ny taona voatondro ny fifidianana nohon'ny hamaroan'ny fanakianana azony.

*Niresaka ity fandalovan'ny solotenan'ny Firenena Mikambana ity ihany koa ny **FREE FM** saingy tsy niditra tamin'ny antsipiriany.*

POLITIKA ANATINY

FANENDRENA IREO LEHIBEN'NY FOKONTANY : MAMPIAKA-PEO NY FIRAISSA-MONIM-PIRENENA

Mitohy hatrany ny fametrahana sy fifidianana ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny rafi-pitantanana samihafa. Ny fametrahana ireo lehiben'ny fokontany indray izao no resaka. Nolaniana teo anivon'ny filan-kevitra ny governemanta tokoa ny didy hitsivolana mahakasika ny fanendrena ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny fokontany ireo, izay tsy hofidiana intsony toy ny teo aloha. Ny lehiben'ny distrika indray no hanendry azy ireo, raha araka ity lalàna vao nolaniana ity. Nampiakapa-peq avy hatrany ny firaisa-monim-pirenena nilaza fa tsy mifanaraka amin'ny lalàm-panorenana sady manitsakitsaka ny demokrasia ilay lalàna, satria verezin-jo tsy hifidy ny olom-pirenena.

*Notanterin'ny **RADIO ANTSIVA** ny fanehoan-kevitra ny SEFAFI mitsipaka tanteraka an'izao fanapahan-kevitra izao. "Inona indray no konokononina ao am-badik'izao fanapahan-kevitra izao ?" hoy ny fanontanian'ireo mpikambana ao amin'ity firaisa-monim-pirenena ity. Hanjary sampan-draharahan'ny fanapariaham-pahefana tokoa ny fokontany raha toa ka vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izy teo aloha. Ny kaominina no hiantoka ny karaman'ireo tompon'andraikitra ao sy hamatsy ireo tetik'asan'izy ireo mandritra ny taona fa tsy hahaleo tena intsony ry zareo. Mitovy amin'izany ihany koa ny ahiahin'Andriamatoa Ramarosaona avy amin'ny Fikambanan'ny Olom-pirenena Mandray Andraikitra. Nomarihany fa ny olom-boatendry dia tsy afaka hanao izay tiany fa tsy maintsy hanaraka izay baikon'ny nanendry azy. Ny vovonan'ny fiaraha-monim-pirenena misahana ny fananan-tany na SIF kosa dia nilaza fa voahitsakitsaka ny politikan'ny fitsinjaram-pahefana. Mametra ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena amin'ny fifidianana sy ny fiainam-pirenena amin'ny ankapobeny io didy hitsivolana io. "Mbola manohy manao tsinontsinona ny vahoaka hatrany ny mpitondra", hoy kosa Ramatoa Lalâtiana Rakotondrazafy. Sady tsy mifanaraka amin'ny lalàm-panorenana izany no tsy ara-demokratika, hoy izy teo amin'ny fandraisam-peon'ny **VIVA**. Raha ny lalàm-panorenana tokoa, dia ny fokontany no fototry ny fitsinjaram-pahefana ary izany no mametraka ny vahoaka ho masi-mandidy amin'ny fametrahana ny mpitondra ifotony.*

TOE-KARENA SY SOSIALY

VALAN'ARETINA ANY AMIN'NY FARITRA ATSIMO

Tao amin'ny **RADIO SITENY** no nampahafantatra ny ben'ny tanànan'i Besely fa misy tazomoka mandripaka any amin'ny kaominina sahaniny. Efa ho zato no isan'ireo namoy ny ainy ary ankizy ny

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



ankamaroan'izy ireo. Manano sarotra ny fitsaboana noho ny fahalaviran'ny tobim-pitsaboana. Mamefy ihany koa ny fandripahan'ireo kijeja ary eo ihany koa ny fahasimban'ireo fotodrafitr'asa ao an-toerana taorian'ny fandalovana rivo-mahery tamin'ny fiandohan'ny taona. Ankoatra izay dia nilaza ihany koa ny tompo'andraikitry ny fahasalamana ao amin'ny kaominina Ejeda fa misy valan'aretina tiberkilaozy miparitaka koa ao amin'ny kaominina misy azy, saingy tsy ampy ny fitaovam-pitsaboana. Olana ihany koa ny fahatapahan'ny herinaratra sy ny tsy fisian'ny fiara itaterana ny marary.

TETIKASA FANATSARANA NY TANANAN'NY TOAMASINA

Raha ny re tao amin'ny TVMT, dia nihaona ireo ben'ny tanàna avy amin'ny kaominina dimy ao Toamasina sy ny manodidina, Antetazamboro, Ambodiriana, Fanandràna, Ambotidandroho, ary Toamasina ny amin'ny fanatsarana an'i Toamasina, indrindra ny fanaovana azy ho tanàna lehibe (Grand Tamatave). Nifantoka betsaka tamin'izay mety ho fiantraikan'ny fametrahana ity rafitra vaovao ity ny fihaonana. Ny fampiroboroboana ny toe-karena any amin'ny faritra iny no tena tanjona.

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@ec.es.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@ec.es.eu

Honorine RAMISARIVELO: misa.ramisarivelo@ec.es.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

